# Ampitomboy ny fahatakaranao ny fianianana sy ny fanekempihavanan'ny fisoronana

### Nohamasinin'ny Fanahy ho amin'ny fanavaozana ny vatana (jereo ny andininy 33)

Raha niresaka momba ny fampanantenan'ny Ray any An-danitra ny Filoha Henry B. Eyring ao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia nanazava hoe:



> Hitako teo amin'ny fiainako manokana sy teo amin'ny fiainan'ny hafa ny fahatanterahan'izany fampanantenana izany. Nisy namako iray filohan'ny misiôna. Nolazainy tamiko fa isaky ny mifarana ny andro iray nandritra ny fotoana nanompoany, dia nila tsy ho tafakatra tany ambony rihana hatory izy amin'ny alina ka nanontany tena raha toa ka hanana hery hiatrehana andro iray hafa indray. Ary nony maraina, dia nahita ny heriny sy ny herim-pony niverina izy. Hitanareo izany teo amin'ny fiainan'ireo mpaminany efa antitra izay toy ny nohavaozina ireny ny heriny isaky ny nitsangana izy ireo mba hijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy Tompo sy ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Fampanantenana ho an'ireo izay mandroso amim-pinoana ao amin'ny asa fanompoan'izy ireo ao amin'ny fisoronana izany. (Henry B. Eyring, "Faith and the Oath and Covenant of the Priesthood," *Liahona*, May 2008, 62)

### Ho mahatoky amin'ny fahazoana ny Fisoronana Aharôna sy ny Fisoronana Melkizedeka (jereo ny andininy 33)

Ny hoe mahatoky amin'ny "fahazoana ireo fisoronana roa ireo" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:33) dia mitaky ny fahazoana hery sy fitahiana azo avy amin'ny fandraisana ireo ôrdônansin'ny Fisoronana Aharôna sy ny Fisoronana Melkizedeka ary ny fitandremana amim-pahatokiana ireo fanekempihavanana mifandray aminy. Nampianatra ny Mpaminany Joseph Smith fa ny olona iray dia mahazo ny fahafenoan'ny fisoronana "amin'ny alalan'ny fitandremana ny didy rehetra sy ny fankatoavana ny ôrdônansy rehetra ao amin'ny tranon'ny Tompo" (*Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* [2007], 419).

Ho an'ny lehilahy dia tafiditra ao anatin'izany koa ny fanomezana ny fisoronana sy ny fanokanana azy ireo ho amin'ny anjara fanompoan'ny fisoronana.

### Hilofo amin'ny antso ananantsika (andininy 33)

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:27–28; 107:99–100

### Fahafahana mandray antso sy fandraisana anjara amin'ny asa famonjen'ny Tompo

Nampianatra izao ny Filoha M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



> Rehefa milofo amin'ny antsontsika isika dia tokony hikatsaka ny fitaoman'ny Fanahy mba hamahana ireo olana amin'ny fomba izay tena hanampy ny olona tompointsika. Manana boky torolalana isika, ary tokony harahina ny torolalana anatin'izy ireo. Saingy ao anatin'izany rafitra izany dia misy fahafahana lehibe hieritreretana, hamoronana, ary hampiasana ny talentan'ny tsirairay. Ilay toromarika hoe milofo amin'ny antsontsika dia tsy didy iray mba hanaingoana sy hanasarotana izany. Ny hoe mampiditra zavatra vaovao dia tsy voatery midika hoe mampivelatra; matetika dia midika hoe manatsotra izany. (M. Russell Ballard, "O Be Wise," *Liahona*, Nov. 2006, 19)

### Izay rehetra ananan'ny Ray any An-danitra (jereo ny andininy 38)

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:55–60; 81:6

Ny Loholona Ronald A. Rasband ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nizara izao:



Ny fahafantarana fa manana Ray any An-danitra isika ary i Jesoa Kristy no Zanany Lahitokana dia midika fa mijery lavitra kokoa eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana isika fa tsy ny toerana ijoroantsika amin'izao fotoana izao fotsiny. Midika izany fa mankasitraka isika fa mpandova izay rehetra ananan'ny Ray; fanjakana tsy hita isa ireo fanjakany ary afaka ny ho antsika. Nampanantena ny Mpamonjy hoe: "Ary raha mahatoky hatramin'ny farany ianao dia hanana ny satroboninahitry ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay ao amin'ireo fitoerana izay efa nomaniko ao an-tranon-dRaiko." (Ronald A. Rasband, "The Divine Destiny of His Daughters" [BYU Women's Conference, Apr. 30, 2021], broadcasts.ChurchofJesusChrist.org)

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_302-1